REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERE DE LA DECENTRALISATION
ET DE L'AMENAGEMENT DU TERRITOIRE

-----------------

FARITRA ANÔSY

-----------------

FARITRA ANÔSY

--------------

DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA 025/2025/MDAT/REG/ANOSY, Mamaritra ny fanakatonana mandritra ny fotoana voafetra ny fepotoana fanjonoana an-dranomamy sy an-drano matsaboka amin'ny Faritra Anôsy

# NY GOVERINORA

- Araka ny Lalam-panorenana;
- Araka ny Lalàna Fehizoro laharana faha 2014-018 tamin'ny 12 Septembre 2014, fenoin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha 2016-030 tamin'ny23 Aogositra 2016 mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaniana sy ny fomba fiasan'ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ary ny fitantanana ny raharahany manokana ;
- Araka ny Lalàna Fehizoro faha 2014-020 tamin'ny 27 Septambra 2014, nasiam-panitsiana sy nofenoin'ny Lalàna faha 2018-011 tamin'ny 11 Jolay 2018, mikasika ny loharanom-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fanaovana ny fifidianana, ary koa ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny anjara andraikitry ny ratsa-mangaika ao aminy ;
- Araka ny Lalàna laharana 2014-021 tamin'ny 12 Septambra 2014 mikasika ny fisoloantenam-panjakana ;
- Araka ny Lalàna laharana faha 2015-053 tamin'ny 3 Febroary 2016 mahakasika ny jono sy ny fiompiana anaty rano ;
- Araka ny Lalàna laharana 2018-026 tamin'ny25 Désambra 2018 mitondra fanitsiana ny famenoana ny Lalàna mifehy ny jona sy ny fiompiana anaty rano ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2014-1929 tamin'ny 23 Desambra mamaritra ny fomba fampiharana ny sasantsany ny Lalàna 2014-021 tamin'ny 12 Septambra 2014 mikasika ny fisoloan-tenam-panjakana ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2015-960 tamin'ny 16 Jona 2015, mametra ny andraikitry ny Fahefana Mpanantanteraka eny anivon'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2016-1308 tamin'ny 25 Octobre 2016 mamaritra ny fandrindrana ireo asam-panjonoana an-dranomamy sy ny an-drano matsaboka eto amin'ny fari-drano ny Repoblikan'ny Madagasikara ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2016-1352 tamin'ny 08 Novambra 2016 mamaritra ny fandaminana ireo asa fitrandrahana ny harena anaty ho lasa lovain-jafy ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2019-1866 tamin'ny 25 Septambra 2019 momba ny Gouverinora;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2022-101 ny 20 Janoary 2022 nanova sy nanampy ny Didim-panjakana faha 2021-856 tamin'ny 25 Aogositra 2021 mamaritra ny andraikitry ny Minisitry ny Jono sy ny Toe-karena Manga ary ny fandrindrana ankapoben'ny Minisitera;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2023-1108 tamin'ny 08 Septembre 2023, manendry ny Governoran'ny Faritra Anôsy;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2024-049 mamaritra ny andraikitry ny Minisitry ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny Tany ary ny fandrindrana ankapoben'ny Minisitera;
- Araka ny Didm-panjakana laharana faha 2024-901 tamin'ny 11 Aprily 2024 manafoana ny adininy ao amin'ny Didim-panjakana laharana faha-2020-2019 tamin'ny 26 Febroary 2020 momba ny fanendrena ny lehiben'ny Fileovan'i Taolagnaro;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2024-1456 tamin'ny 12 Jolay 2024 manendry ny Praiministra, lehiben'ny Governemanta;
- Araka ny Didim-panjakana laharana 2025-812 tamin'ny 29 Jolay 2025, manova fepetra sasantsasany amin'ny Didim-panjakana laharana 2024-1612 tamin'ny 22 Aogositra 2024 manendry ireo mpikambana ny Gouvernemanta;

MINISTERE DE L'INTERIEUR – REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA – PREFECTURE DE TAOLAGNARO

FARITRA ANOSY – REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

- Araka ny Didim-pitondrana laharana faha001-2019/REG/ANOSY ny 14 Oktobra 2019, mamaritra ny fandridrana ankapobeny ny Faritra Anosy;
- Araka ny Tolokevitry ny Talem-paritry ny Jono sy ny Toe-karena Manga Anôsy;

**DIA MAMOAKA IZAO DIDY IZAO:**

**Andininy voalohany:** Voarara ny asa fanjonoana amin'ny endriny rehetra manerana ny ranovory sy ny renirano rehetra ato amin'ny Faritra Anôsy. manomboka ny 15 oktobra ka hatramin'ny 15 desambra 2025.

**Andininy 2**. Azo atao kosa anefa ny mamintana avy eny amoron-drano,saingy tsy mihoatra ny dimy (5) ny haran-jono na fintana ampiasaina mandritra io fe-potoana fanakatonana io. Voarara kosa ny fivarotana ny hazandranomasina azo tamin'izany fomba zany.

**Andininy 3**. Voarara ny asa fanagonana hazandrano avy amin'ny jono an-dranomamy rehetra mandritra io fe-potoana io.afa-tsy ny jono anaty rano atao amin'ny sehatra tsy miankina.

**Andininy 4.** Tsy maintsy manao fanambarana eny amin'ny Fitaleavam-paritry ny Jono sy ny Toe-karena Manga ireo mpandraharaha rehetra (Toeram-pisakafoanana, mpanango-bokatra, mpivarotra) manana tahirim-bokatra hampiasaina mandritra ny fotoa-pikatonan'ny jono. Izany fanambarana izany dia tsy maintsy atao mialoha ny fotoam-pihidian'ny *rano*.

**Andininy 5:** Ireo mpiompy trondro sy hazandrano aradalana ihany no mahazo fahazoan-dalana hitondra sy hivarotra trondro raha toa izy ireo ka manana karatra maha-mpiompy trondro sy fahazoan-dalana hivarotra hazandrano ary nanao fanambarana vokatra ara-dalana voamarin'ny Fitaleavam-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga Anôsy.

**Andininy 6:** Ny fanitsakitsakina ny fepetra voalazan'ity didim-pitondrana ity dia henjehina sy ho saziana araka ny lalàna manankery mifehy ny jono.

**Andininy 7:** Ny Lehiben'ny Distrika, ny Fitaleovam-paritry ny jono sy ny Toe-karena Manga, ny ivotoerana fanaraha-maso ny jono, ny Vondron-tobim-paritry ny Zandarimariam-pirenena, ny Talem-paritry ny Filaminam-bahoaka, ny Manam-pahefana isan-tsokajiny dia manana andraikitra tandrify azy avy amin'ny fampiharana ity didim-pitondrana ity.

**Andininy 8**: Foana avokoa ireo fepetra rehetra teo aloha izay mifanohitra amin'ity didim-pitondrana ity.

**Andininy 9: Ity** didim-pitondrana ity dia aely sy raketina an-tsoratra ary haparitaka any amin'izay mety hilàna azy avy.

VISA DE LEGALITE
apposé sous n° 829
à Taolagnaro, le 18 SEP. 2025

LE CHEF DE DISTRICT
P.O Adjointe chargée
Appui au Développement

RAMBOHANGINOMENJANAHARY
Mamy Tiana Félicia
Attaché d'Administration

Taolagnaro faha 16 Septembra 2025

NY GOVERINORA NY FARITRA ANÔSY

**Sonia Voahary RAKOTOVELOMANANTSOA**

---

« **POUR AMPLIATION CONFORME** »

Fait à Taolagnaro, le 16 SEP. 2025

LE SECRETAIRE GENERAL

RABENANDRIAMANITRA Louis Sabbat
Administrateur Civil en Chef

N° 301 MDAT/ REG/ ANOSY/ 2025

**DESTINATAIRES** :

- MDAT-ANTANA « A TITRE DE COMPTE RENDU »
- PREF.T/RO « POUR CONTROLE DE LEGALITE »
- La Directeur Régionale de la Pêche et de l'Economie Bleue « POUR NOTIFICATION »
- Chrono / Archives